grandprof.net



# PHILOSOPHIE

**Texte 1**

*Faites l'analyse ordonnée de ce texte en vue de dégager son intérêt philosophique.*

« Celui qui n'a aucune teinture de philosophie traverse l'existence, prisonnier de préjugés dérivés du sens commun ; des croyances habituelles sans le consentement de la raison. Dès que nous commençons à penser conformément à la philosophie, au contraire, nous voyons que même les choses les plus ordinaires de la vie quotidienne posent des problèmes. La philosophie, bien qu'elle ne soit pas en mesure de nous donner avec certitude la réponse aux doutes qu'elle élève, nous délivre de la tyrannie de l'habitude. Elle fait disparaitre le dogmatisme en nous faisant voir les choses familières sous un aspect nouveau. »

Bertrand RUSSEL, Problèmes de Philosophie

**Lahatsoratra 1**

*Fakafakao amin'ny fomba mirindra ny lahatsoratra mba hahazoana manasongadina ny lanjany ara-pilozofia.*

« Ny olona tsy manan-doko ara-pilozofia mihitsy dia vaoagadran'ny hevitra an-tendrony azo avy amin'ny fijery iombonana ny fisiany, voagejan'ireo hevitra mahazatra tsy ankatoavin'ny saina akory. Raha vao manomboka mandinika araka ny filozofia anefa isika dia hitantsika fa na ireo zava-misy faran'izay tsotra aza dia mametraka olana. Ny filozofia, na dia tsy manome antsika valiny azo antoka manoloana ireo ahiahy aza dia manafaka amin'ny fangejan'ny fahazarana. Manafoana ny fiziriririan-kevitra izy amin'ny alalan'ny fampijereny antsika ireo zava-misy mahazatra amin'ny endrika hafa vaovao »

Bertrand RUSSEL, Problèmes de Philosophie

**Texte 2**

*Faites l'analyse ordonnée de ce texte en vue de dégager son intérêt philosophique.*

« Ce que l'on cherche à conquérir en philosophie, ce n'est pas la certitude scientifiques, il s'agit d'un examen critique au succès duquel l'homme participe de tout son être. L'élaboration d'une philosophie reste cependant liée aux sciences ; elle présuppose tout le progrès scientifique contemporain ».

Karl Jaspers, In Introduction à la philosophie

**Lahatsoratra 2**

*Fakafakao amin'ny fomba mirindra ny lahatsoratra mba hahazoana manasongadina ny lanjany ara-pilozofia.*

« Ny zavatra tena katsahina indrindra amin'ny filozofia dia tsy ny hahitana ny marina ara-tsiansa akory fa ny fanaovana fandinihina ombam-pandanjalanjana ka handraisan'ny olombelona anjara amin'ny maha izy azy manontolo mba hahombiazany. Na izany aza dia mifamatotra amin'ny siansa samihafa ny

grandprof.net



famolavolana filozofia iray ; miankina amin'ny dingana vitan'ny siansa amin'izao fotoana izao ny fampijoroana azy ».

Karl Jaspers, In Introduction à la philosophie

**Texte 3**

*Faites l'analyse ordonnée de ce texte en vue de dégager son intérêt philosophique.*

« Il faut admettre la définition traditionnelle de la vérité considérée comme accord de la connaissance avec son objet. Mais on se pose la question de savoir quel est le critère général et certain de la vérité de toute connaissance. En effet, une connaissance a beau être tout à fait conforme à la forme logique, c'est-à-dire ne pas se considérer elle-même, il se peut toujours qu'elle ne soit pas d'accord avec l'objet ».

Réflexion sur la vérité, C. de RABAUDY

**Lahatsoratra 3**

*Fakafakao amin'ny fomba mirindra ny lahatsoratra mba hahazoana manasongadina ny lanjany ara-pilozofia.*

« Aoka ho ekena ny famaritana tranainy ny marina izay noheverina fa fifandrifian'ny fahalalana iray amin'ny zava-misy tiana ho fantarina. Saingy ny fanontaniana mipetraka dia ny hahalalana ny hoe inona ny fepetra iraisana sy azo antoky ny fahamarinan'ny fahalalana. Na dia mifanaraka tsara amin'ny fepetran'ny lojika aza anefa ny fahalalana iray, izany hoe tsy mifanohitra aminy, mety tsy hifanaraka amin'ny zava-misy na oviana na oviana. »

Réflexion sur la vérité, C. de RABAUDY

**Texte 4**

*Faites l'analyse ordonnée de ce texte en vue de dégager son intérêt philosophique.*

« Renoncer à sa liberté c'est renoncer à sa qualité d'homme, aux droits de l'humanité, même à ses devoirs. Il n'y a nul dédommagement possible pour quiconque renonce à tout. Une telle renonciation est incompatible avec la nature de l'homme ; et c'est ôter toute moralité à ses actions que d'ôter toute liberté à sa volonté. Enfin, c'est une convention vaine et contradictoire de stipuler d'une part une autorité absolue, et de l'autre une obéissance sans bornes »

Jean Jacques ROUSSEAU, in Du Contrat social

**Lahatsoratra 4**

*Fakafakao amin'ny fomba mirindra ny lahatsoratra mba hahazoana manasongadina ny lanjany ara-pilozofia.*

« Ny fandavana ny ho afaka dia fandavana ny maha olona, ireo zon'olombelona, ireo adidiny. Tsy misy fanarenana azo atao ho an'izay mandà ny zava-drehetra. Izany fandavana izany dia tsy miaraka amin'ny maha olona ny olona, sady manongotra ny toetra mandala ny môraly amin'ireo izay sitrapony. Farany, ny fahefana tsy refesi-

grandprof.net



mandidy sy ny fankatoavana tsy misy fetrany dia fifanarahana very maina, sady mifanohitra »

Jean Jacques ROUSSEAU, in Du Contrat social

**Texte 5**

*Faites l'analyse ordonnée de ce texte en vue de dégager son intérêt philosophique*

« Il est vrai que dans les démocraties, le peuple parait faire ce qu'il veut, mais la liberté politique ne consiste point à faire ce que l'on veut. Dans un Etat, c'est-à-dire dans une société où il y a des lois, la liberté ne peut consister qu'à pouvoir faire ce que l'on doit vouloir, et à n'être point contraint de faire ce que l'on ne doit pas faire. Il faut se mettre dans l'esprit ce que c'est que l'indépendance et ce que c'est que la liberté. La liberté est le droit de faire ce que les lois permettent ; et si un citoyen pouvait faire ce qu'elles défendent, il n'y aurait plus de liberté parce que les autres auraient tout de même ce droit »

MONTESQUIEU, in L'esprit des lois

**Lahatsoratra 5**

*Fakafakao amin'ny fomba mirindra ny lahatsoratra mba hahazoana manasongadina ny lanjany ara-pilozofika.*

« Marina ao amin'ny demokrasia fa ohatran'ny hoe afaka manao izay tiany hatao ny olom-pirenena, nefa ny fahafahana ara-politika dia tsy fanaovana izay tian-katao. Ao amin'ny Fanjakana iray, izany hoe ao amin'ny fiaraha-monina iray izay misy lalàna, ny fahafahana dia tsy ho fahafahana manao izay tian-katao, ary tsy voatery hanao izay tsy tokony hatao. Tokony hatao ao an-tsaina ny atao hoe fahaleovan-tena sy ny hoe fahafahana. Ny fahafahana dia fahazoana manao izay eken'ny lalàna ; ary raha misy olom-pirenena afaka manao izay voaranan'ny lalàna, dia tsy hisy intsony ny fahafahana satria ny rehetra dia hanana io fahefana io avokoa.»

MONTESQUIEU, in L'esprit des lois

**Sujet 1**

La science peut-elle résoudre tous les problèmes de l'homme ?
Mahavaha ireo olana rehetra mianjady amin'ny olombelona ve ny siansa?

**Sujet 2**

L'erreur est-elle l'ennemie de la vérité ?
Fahavalon'ny fahamarinana ve ny fahadisoana?

**Sujet 3**

« Un philosophe est un être qui prend la fuite devant ses pensées », disait Nietzsche. Qu'en pensez-vous ?
« Ny filozofa dia olona mandositra ny hevitra natolony », Hoy i Nietzsche. Ahoana ny hevitrao ?

**Sujet 4**

« Ma liberté s'arrête là où commence celle des autres ». Expliquer et discuter.

grandprof.net



« Mitsahatra ny fahafahako rehefa manombola ny an'ny hafa ». Hazavao sy hiadio hevitra.

**Sujet 5**

« Si l'Etat est fort, il nous écrase, s'il est faible nous périssons » a dit Paul VALERY. Qu'en pensez-vous ?

« Raha matanjaka ny Fanjakana dia poretiny isika, raha osa izy dia fongana isika » hoy i Paul VALERY, ahoana ny hevitrao ny amin'izany ?

**CITATIONS :**

- « Grâce à la science et à la technique, l'homme devient maitre et possesseur de la nature ». René DESCARTES

  « Amin'ny alalan'ny siansa sy ny teknika, ny olombelona dia lasa tompo sy mpifehy ny zavaboary ». René DESCARTES

- « Pour quiconque qui croit à la science, le pire c'est que la philosophie ne fournit plus des résultats apodictiques ». Karl JASPERS

  « Ho an'ireo izay mametraka ny fitokisany amin'ny siansa, ny zava-doza dia ny tsy fahafahan'ny filozofia intsony manolotra vokatra iaraha-miaiky ». Karl JASPERS

- « La liberté c'est l'obéissance à la loi qu'on s'est prescrite ». Jean Jacques ROUSSEAU

  « Ny fahafahana dia fanekena ny lalàna niaraha-nanangana ». Jean Jacques ROUSSEAU

- « Il vaut mieux se pencher vers le doute que vers l'assurance ». MONTAGNE

  « Aleo mirona makany amin'ny fisalasalana toy izay mankany amin'ny fitokisan-tena ». MONTAGNE

- « L'Etat est un monstre qui détruit la liberté de l'individu ». BAKOUNINE

  « Ny fanjakana dia mamotika ny fahafahan'ny olona ». BAKOUNINE

- « Il est plus facile de prêcher la morale que de la fonder ». SCHOPENHAUER

  « Mora ny manambara ny moraly fa sarotra ny mampihatra sy manorina azy ». SCHOPENHAUER